

Ny Kardinaly Tsarahazana Désiré

*Conférence des Évêques de Madagascar*
**SECRETARIAT DE COORDINATION**
**102 bis, rue Cardinal Jérôme Rakotomalala**
**BP. 667**
**Antanimena Antananarivo – 101**

HAFATRY NY BIRAON'NY FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA ETO MADAGASIKARA
NOHO NY TSINGERINTAONA VOALOHAN'NY FITSIDIHANA APOSTOLIKA
NATAON'NY PAPA FRANSOA TETO MADAGASIKARA

Ry malagasy mpiray tanindrazana
Ry kristianina havana

« Ho aminareo anie ny fiadanana ! »

Migadona tokoa ankehitriny ny tsingerin-taona voalohany nanatanterahan'ny Papa Fransoa ny Fitsidihana Apostôlika teto amin'ny tanindrazantsika, ny 6-10 septambra 2019. Fotoan-dehibe nanehoantsika firaisan-kina sy fiaraha-mientana ary fiombonana ka nanandratra avo ny soatoavina maha-malagasy sy ny voninahitry ny firenentsika teo imason'izao tontolo izao. Fotoana sarobidy nandraisantsika ny fahasoavana sy ny tso-dranon'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny dimbin'i Md Piera.

Mbola manakoako ao am-pontsika ny fahatsiarovana ny zavatra niainantsika nandritra ny fandalovan'ilay « Mpamafy fiadanana sy fanantenana », indrindra ireo teny mamy sy hafatra napetrany hotsakotsakoina sy hiainana mandritra ny taona mifandimby. Samy nahazo ny anjarany avy tamin'izay hafatry ny Papa izay avokoa ny sokajin'olona rehetra teto amin'ny firenena.

Nanoloana ny vahoaka kristianina marobe niara-nankalaza ny Sorona Masina teny Soamandrakizay dia nampahatsiahivin'ny Papa ireo fepetra takian'ny fanarahan-dia an'i Jesoa Kristy, izay fototra iorenan'ny fiainana maha-kristianina. Zava-dehibe indrindra amin'izany ny fanorenana sehatra hahatonga an'Andriamanitra ho ivo sy andry ifaharan'ny fiainantsika. Ny fihaonana amin'ny Jesoa dia miteraka hafalian-dehibe manova ny fiainana, mahatonga ho olom-baovao tsy mikombona amin'ny tena fa hisokatra amin'ny hafa, tsy voafatotry ny rohim-pianakaviana sy firazànana fa manorina ny firahalahian'ny zanak'olombelona rehetra. Hanitsy ny laharam-pahamehana eo amin'ny fiainana hifanaraka amin'ny soatoavin'ny Evanjely. Mifanohitra amin'ny fampianaran'ny Evanjely ny fampiasana ny anarana maha-kristiana hanararaotana hiarovana ny tombotsoan'ny tena manokana sy ny fampiasana ny anaran'Andriamanitra na ny fivavahana mba hanamarinana ny herisetra sy ny fanavakavahana hatramin'ny famonoana olona aza, ny sesitany, ny fampihorohoroana ary ny fanilihana.

Ny mpanara-dia an'i Kristy, hoy ny Papa, dia voaantso ho iraka ka tsy hipetrapetraka, na hiraviravirary tanana fa hirotsaka hiasa, hanova ny fiainan'izao tontolo izao, indrindra ireo toe-java-misy mahonena iainan'ny zanak'olombelona izay tsy mifanaraka velively amin'ny fandaharan'Andriamanitra.

1

Nitodika manokana tamin'ireo tanora ny Papa teny Soamandrakizay ka nanentana azy ireo mba tsy hipetrapetraka fa hihetsika sy hiasa ary hirotsaka eo am-pikarohana ilay hasambarana "antony nahariana antsika" ary tsy azon'izao tontolo izao esorina amintsika. Aoka tsy ho voasariky ny fanangolen'izao tontolo izao izay manindraindra hasambarana tsy tena izy, mandalo sy mora azo nefa manary eny an-tenantenan-dàlana sy miteraka fahoriam-po. Matoky anareo tanora i Jesoa ilay namana tsy mandao sy azo itokiana ka maniraka anareo ho mpianatra misiônera hizara hafaliana sy fanantenana amin'ny mpiara-belona. Tsy ho kivy na hiraviravy tànana manoloana ny fahasarotam-piainana ankehitriny fa ho vonona handresy ny herin'ny ratsy ka hiara-manorina ho avy vaovao mifototra amin'ny Evanjely. Mpianatra misiônera tsy ho tia mandeha irery fa hiaraka amin'i Jesoa sy hiaraka amin'ny namana ary tsy misaraka amin'ny Eglizy.

Nahavelom-bolo tokoa ny namerimberenan'ny Papa Fransoa tamin'ny lahateny nataony nanoloana ireo Mpitondra fanjakana sy ny masoivoho vahiny ary ny fiaraha-monim-pirenena teny Iavoloha, fa tany kanto sy tsara tarehy i Madagasikara. Tany voatsodranon'Andriamanitra noho ny harena voajanahary maro loha hita ao aminy, noho ny toetra maha-te hidera ananan'ny mponina ao aminy sy ny fahendrena ary ny soatoavina nentim-paharazana mifototra amin'ny "fihavanana" sy ny fanajana ny "aina" ary ny fanandratana ny "fanahy" maha-olona.

Manoloana ireo zava-tsoa ananan'ny tanindrazantsika ireo anefa dia toa mahonena ihany ny mahita fa tafahitsoka anaty fahantrana lalina ny vahoaka malagasy noho ny fitiavan-tena sy ny tsy fahaiza-mitantana ary ny fanjakan'ny kolikoly mahenika ny seha-piainana manontolo. Nampahatsiavin'ny Papa fa ny asa sy ny andraikitra pôlitika dia mirafitra ho fanamby maharitra ho an'ireo izay nomena iraka mba hanompo sy hiaro ireo mpiray tanindrazana aminy, indrindra ireo izay tena marefo, ka hanamora ny hisian'ny fepetra ho amin'ny fivoarana mendrika sy ara-drariny, hampandraisana anjara an'ireo mpisehatra rehetra ao amin'ny fiarahamonim-pirenena. Etsy ankilany nomarihin'ny Papa fa tandindomin-doza ny tontolo iainana sy ireo harena voajanahary ireo noho ny fitrandrahana tsy voahevitra ataon'ny olombelona ho fikatsahana tombotsoa manokana sy ny fitadiavan'ny maro izay enti-mivelona eo noho eo vokatry ny fahantrana.

Nanao antso avo noho izany ny Papa mba hiarahan'ny rehetra misalahy amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ka hijery izay fomba hitrandrahana ara-drariny ireo harena voajanahary ho tombotsoan'ny besinimaro ary hikatsahana vahaolana mirindra amin'ny krizy ara-tsôsialy manosika ny vahoaka madinika hanimba tsy am-piheverana ny tontolo iainana. Mifamatotra mandrakariva hoy ny Papa ny krizy ara-tsôsialy sy ara-tontolo iainana. "Tsy afaka ny hiresaka fivoarana feno isika raha tsy manao andrimaso ny Tranobe iombonantsika sy mikojakoja azy".

Io ezaka amin'ny fikojakojana ny Tranobe iombonana io indrindra no nanombohanay Eveka ny fanentanana amin'ny fiainana ny fampianarana navelan'ny Papa tamin'ny hafatra nalefanay tamin'ny volana novambra 2019. Efa nisy tokoa ny fiaraha-mientana nahavelom-bolo tamin'ny ezaka fambolen-kazo notarihin'ny fitondram-panjakana ka nandraisan'ny maro anjara mavitrika tamin'ny fanombohan'ity taona ity. Indrisy anefa fa tapaka izany ezaka izany noho ny fahatongavan'ny valan'aretina Covid-19 teto amin'ny firenentsika. Marihina anefa fa na eo aza ny ezaka hamboly hazo be dia be dia ho zava-poana izany raha tsy hita ny vahaolana hamongorana hatrany ifotony ny doro tanety.

2

Anisan'ny fositra lehibe manimba ny fiainam-piaraha-monina ary vato misakana amin'ny fampivoarana tena izy ny fisian'ny kolikoly izay tena mahazo vahana eto amintsika sy efa saika mahenika ny seham-piainana rehetra. Nasian'ny Papa tsindrim-peo manokana ny tokony hiezahana mafy hiady hamongotra hatramin'ny fakany io kolikoly io tamin'ny lahateny nataony teny Iavoloha. Mankahery anareo aho, hoy ny Papa, "mba hiady amin-kery sy amim-pahatapahankevitra amin'ireo endrika manokana isehoan'ny kolikoly eto aminareo sy ny kajikajy ahazoana tombontsoa izay mampitombo ny fahasamihafana ara-tsôsialy".

Rehefa miresaka fiainam-piaraha-monina ihany isika dia araraotinay ny manamarika fa toa mirongatra indray tato ho ato ny tsy fandriam-pahalemana miseho amin'ny fomba feno habibiana, na andrenivohitra na ambanivohitra. Koa miantso ny tompon'andraikitra mba hijery paikady mahomby hiadiana amin'izany fa mandry tsy lavo loha ny vahoaka. Miantso ny feon'ny fieritreretan'ny tsirairay mba hanaja ny aina sy ny fananan'ny hafa.

Mifamatotra amin'ny fitiavan-tena sy ny kolikoly ary ny fahantràna mangitsokitsoka iainan'ny vahoaka io firongatry ny tsy fandriam-pahalemana io koa mitaky fibebahana lalina sy fiovàna toe-tsaina lalina amin'ny olona tsirairay sy amin'ny olon-drehetra.

Ry havana,

Raha tiantsika handroso marina ny firenentsika dia aoka hanohina antsika sy horaisintsika ho zava-dehibe ireo antso nataon'ny Papa Ray Masina ireo.

Nambaran'ny Papa fa azo trandrahina ho fanoitra hanarenana ny fiainana ara-piaraha-monina sy ara-politika ny fananantsika ireo soatoavina maha-malagasy koa tsy sasatra izahay ny manentana antsika mba hampandefitra ny adilahy pôlitika sy ny fifanenjehana ary izay rehetra mampisara-bazana. Ndeha re hanandratra ny firaisan-kina sy ny fihavanana ka hifanolo-tanana hampandroso marina ny tanindrazantsika. Ndao re homena lanja ilay "fanahy" maha-olona sy ny fanajana ny "aina" ka tsy hifandroba sy hifamono isika fa mba hifanaja sy hifankatia amin'ny maha samy malagasy sy samy zanak'Andrimanitra antsika. Aoka horaisintsika ho voninahitra iombonana ny fandrosoan'ny firenentsika.

Tamin'ny dinika nifanaovany tamin'ny Fivondronamben'ny Eveka teny Andohalo, tamin'ireo pretra sy ireo mpanokan-tena teny Amparibe dia nanentana sy nankahery antsika ny Papa mba haneho ny endriky ny Eglizy velona sy mavitrika ary mikatsaka isan'andro ny maha-eo anivony ny Tompo sy maneho izany eo amin'ny fiainany. Ho Eglizy misiônera misokatra, manakaiky ny vahoaka, eo anivon'ny vahoaka sy tsy misaraka amin'ny vahoaka. Entanin'ny finoana sy ny fanantenana ary ny fitiavana ka hijoro ho vavolombelon'ny hafalian'ny Evanjely amin'ny alalan'ny vavaka fiderana sy amin'ny ady amin'ny ratsy ka tsy hanaiky ho resin'ny fanangolen'ny fiahiana ny fiainan'izao tontolo izao. Eglizy mahantra, haneho fitiavana sy hitondra fanantenana ho an'ireo mahatra sy ireo voailika eo amin'ny fiaraha-monina.

Noraisin'ny Papa ho ohatra velon'izay Eglizy mahantra velomin'ny finoana sy ny fanantenana ary ny fitiavana izay ny ankohonam-pianan'ny Akamasoa. Akamasoa dia endrika maneho ny maha-eo an'Andriamanitra, eo anivon'ny vahoakany mahantra. Vavolombelona mampiharihary fa tsy lahatra akory ny fahantrana fa azo resena raha manam-piniavana hioitra entanin'ny finoana.

3

Havaozinay eto ny fahavononan'ny Eglizy katôlika eto Madagasikara hitondra ny anjara birikiny amin'ny fanorenana ny firahalahiana marina izay manome lanja mandrakariva ny *fihavanana*, hanomezana sehatra ny fivoaran'ny olona manontolo, ao anatin'ny fifanakalozankevitra amin'ny sokajin'olona rehetra.

Misaotra an'Andriamanitra Trinite Masina isika amin'izao fitsingerenan'ny taona namangian'ny Papa Fransoa antsika izao ary mbola mitalaho ny tso-dranony sy ny fitsimbinany mba hitantana sy hiaro antsika eo am-pamakivakiana izao fotoan-tsarotra iadiantsika amin'ny fihanaky ny valan'aretina Covid-19 izao.

Misaotra ny Papa Fransoa isika tamin'ny nanehoany fitiavana ny tanindrazantsika ka nanatanterahany iny fitsidihana apôstolika tsy hay kosehina eo amin'ny tantaran'ny firenentsika iny. Nasehony tokoa fa tanterahiny eo amin' ny fiainany ny fampianarany ataony ka hita fa Papa manakaiky ny vahoaka, indrindra ireo madinika sy mahantra izy. Mbola hita miharihary izany maha-akaikin'ny zanak'olombelona rehetra azy izany, nandritra izao fotoam-pisedrana lalovan'izao tontolo izao ankehitriny. Hivavaka ho azy isika mba ho salama mandrakariva ahafahany manatontosa ny adidiny amin'ny fitantanana ny Eglizin'i Kristy maneran-tany.

Hanamarihana izao tsingerintaona voalohany izao àry dia manentana antsika mba hanokana fotoana hivavahana ho an'ny Papa Fransoa sy ho an'ny firenentsika ny alahady faha-6 septambra na ny talata faha-8 septambra araka izay fomba mahamety azy any amin'ny isam-piangonana any.

Hitahy sy hiaro ary hitso-drano antsika sy ny tanindrazantsika hatrany anie Andriamanitra! Ary Masina Maria Renintsika anie hivavaka sy hiaro antsika mianakavy.

Natao anio faha 5 septambra 2020.

Amin'ny anaran'ny Biraon'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara

CONFÉRENCE ÉPISCOPALE MADAGASCAR B.P. 667 ANTANANARIVO E.C.A.R. LE PRÉSIDENT

Son Éminence le Cardinal Désiré TSARAHAZANA,
Arsevekan'i Toamasina,
Filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara.

4